Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

VP zoma 24 jolay 2020

Filadelfia Apokalipsy 3.7-13

Mitarika : Pst Solohery Raobinarison

Amin'ny anaran'ny Ray sy Zanaka ary ny Fanahy Masina, Amen !

Fiarahabàna

Hira 18 and. 1 *(« Ny feonay rehetra izao »)*

Vavaka

Vakiteny 1. Apo 3.7

7 Ary soraty ho amin' ny anjelin' ny fiangonana any Filadelfia: Izao no lazain' izay masina, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin' i Davida, Izay mamoha ka tsy hisy hanidy, ary manidy ka tsy misy mamoha:

Hiraintsika ny hira 18 and. 2. *(« Ny andronay rehetra izao »*).

Mivavaka isika, misaotra an'Andriamanitra noho ny fitiavany antsika mpanota tsy mahavo-tena, novohainy varavarana ka afaka miditra manatona ny seza fiandrianan' ny fahasoavana noho ny amin'ilay Masina sy Marina manana ny fanalahidin'i Davida.

Mivavaka ny ao an-tokantrano, avy eo mivavaka ny mpitandrina.

Vakiteny 2. Apo 3.8-10

8 Fantatro ny asanao (indro, efa nasiako varavarana mivoha eo anatrehanao, ka tsy misy maharindrina azy), fa manana hery kely ihany hianao ka nitandrina ny teniko ary tsy mba nandà ny anarako.9 Indro, alaiko ny sasany amin' ny synagogan' i Satana, izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa mandainga, indro, hataoko tonga hiankohoka eo anoloan' ny tongotrao ireo, ka ho fantany fa Izaho efa tia anao.10 Satria efa nitandrina ny teniko ny amin' ny faharetana hianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin' ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin' izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin' ny tany.

Hiraintsika ny hira 18 and.3. *(« Ny hevitray rehetra izao »*). Mivavaka mba ho tia ny tenin'Andriamanitra ny fiangonana, ka hiaina sy hijoro vavolombelona ny anaran'ny Tompo. Mba ahatsiaro fa tsy amin'ny hery na fahatanjahana no hanaovana ny asan'ny Tompo, fa amin'ny fiankinana feno amin'ilay manana ny fanalahidy. **Mivavaka ny ao an-tokantrano, avy eo mivavaka ny mpitandrina**

Vakiteny 3. Apo 3.11-12

11 Ho avy faingana Aho ; tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao.12 Izay maharesy no hataoko andry eo amin' ny tempolin' Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran' Andriamanitro sy ny anaran' ny tanànan' Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin' Andriamanitro, ary ilay anarako vaovao.

Hiraintsika ny hira faha 18 and. 4 *(« Ny herinay rehetra izao »*).

Mivavaka mba hisy ny fandavan-tena ary mba hiady ny ady tsaran'ny finoana amin'ny fanantenana.

Mivavaka ny ao an-tokantrano avy eo mivavaka ny mpitandrina

Vakiteny 4. Apo 3.13

13 Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny fiangonana.

Hiraintsika ny Hira 18 and.5 *(« Rehefa alainao izahay »*).

Mivavaka ho an'izao tontolo izao manoloana ny loza ateraky ny covid. Ho an'ny marary, ny nidonam-pahoriana. Mivavaka mba hanana sofina tsy mandre ihany fa mihaino. **Mivavaka ny ao an-tokan-trano, avy eo mivavaka ny mpitandrina.**

Ho famaranana, hoy i Paoly :

« *2 Mahareta amin' ny fivavahana, ka miambena amin' izany amin' ny fisaorana,3 ary mangataha koa ho anay, mba hamohan' Andriamanitra varavarana ho an' ny teny hilazanay ny zava-niafina izay an' i Kristy, sady izany no namatorana ahy,4 mba haharihariko tsara izany tahaka izay tokony hitenenako.*

5 Mandehana amin' ny fahendrena amin' izay ao ivelany, hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa.6 Aoka ny fiteninareo ho amin' ny fahasoavana mandrakariva, ho mamy sira, mba ho fantatrareo izay tokony havalinareo ny olona rehetra. » (Kolosiana 4.2-6).

Tsodrano : « Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin' ny fihavian' i Jesosy Kristy Tompontsika » (1Tes 5:23).